## NY TENY FIAINANA

*Jeremia 29:13*

*Ary hitady Ahy hianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra."*

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Aza asiana fanakatsakanana izay rehetra te hanampy ny traboina




**Arp Helisoa :** miangavy ny fanjakana ny ONG Fanahy Mahaolona hanome alalana ny FIARAMANIDINA hitondra fanampiana ireo mpiray tanindrazana traboina, tsy asiana resaka politika ny voinkava mahatratra hoy ny filohan'ny ONG Ny Rado Rafalimanana raha nihaona taminy mpanao gazety tao Antaninarenina ny tenany ny 27 janoary 2020 teo. Aza asiana fanakantsakanana fa avelao izay rehetra te hanampy ny traboina hanampy.

**Nirina Maurice :** le fanjakana mihitsy no tena werawera manao selfie e!

**Bien Aimé Randrianasolo :** tokony hankasitrahana aza ilay manome fanampiana ho an'ny Traboina fa tsy sakantsakanana.

**Jahroul Florin :** tong de atero eni @ Bngrc le fanampianao tompoko.

**Elisa Anna :** ka ilay BNGRC mihitsy no tsy atokisana, mpanongam-panjakana mpiara-dia amin-dRajoelina ny lehibeny amin'izao fotoana, namatsy vola ny fanonganam-panjakana nisy !

**Desire Ratsimandresy Ratsimandresy :** aza asiana resaka politika ilay resaka traboina avelao ny rehetra hanampy. Raha ny FFKM, na ny fiangonana izany te hanao telethon dia tsy atokisana koa. Tsy mety ihany ilay fepetra momba ny tolo-tanana nataon' ilay ministry ny atitany.

**Violette Sahondra :** avelao ande ny fanampiana olona fa matokisa valeure. Hiandry ny adilahy politika ve? mitovy ange zao ny zavatra ao anaty lohanareo ao e, aza mifamingampingana fa mila fanampiana zao ny vahoaka.

**Bekotromaroholatra Dadarabe :** tsy andraikitry ny filoham-pirenena ny tena manavotra traboina, manome fanampiana no anjarany, fa raha ny manavotra olona traboina dia ny BNGRC sy ny miaramila amin'ny alalan'ny CPC (Corps de Protection Civile) no manao izany, mba te hisehoseho fotsiny ilay filoha tsy mahay raha, tsy misy vina tany Mampikony, Mitsinjo, Maevatanana,…

**Laivason Rg :** fa maninona no tsy omena ny Bngrc fotsiny na manantso mpanao gazety rehefa manatitra azy eny de hitany malagasy rehetra satria ny Bngrc no rafitra atao hizara ireny, na tonga dia haterina any amin'ny traboina mivantana rehefa tsy atokisana ny BNGRC.

**Tsima Andrians :** avelao kosa izy hizara fanampiana fa aza sakanana fitiavana ny mpiray tanindrazana ny an'i Ny Rado Rafalimanana.

**Hanta Rama :** ary isika hoa dia tsy Mahay mihaino mihintsy fa hentim-po fotsiny. Harao fotsiny ny fandaminana efa misy dia milamina. Miantsoa panao gazety rehefa manatitra azy any amin' ny BNGRC dia fantatrin'ny olona rehetra raha misy izany sakana izany. Dia mba hita eo Koa ilay fisehosehona é! Mijaly ny traboina, aza asiana resaka politika ilay raha. Havelao koa ny mpanohitra hanampy ny traboina zony izany, zon'ny olom-pirenena rehetra ny mifanampy ary ho an'ny BNGRC, avoahay isan'andro ny fanampiana voaray, sy ny hoe: taiza avy no nahazo.

**Fanja Fanjahariso :** lay BNGRC mits no tsy atokisana, lay fanjakana mihitsy no tsy atokisana, ka rah any fanjakana ihany no hanao telethon, mety ho vitsy no hamaly ny antso. Merci Ny Rado, alefa fa n selfi ts maits misy otran sasan ian e!

**Yves Rohan Yr :** ts tsara ary v rah mahavita manatitra ny fanampiana any ifotony izay olona afaka eh! Aleo hanao izany koa ny rehetra, fa tsy ny filoha sy ny vadiny ihany no avela ho afaka hanao izany.

**Fleuris Rakotoatison :** tsy azo antoka ilay Bngrc. Efa hatramin'izay io rafitra mpitsinjara fanomezana ho an'ny traboina io no tsy azo antoka.

**Rafaralahy Maminiaina Andriamialy :** zany politika foza, izy ihany no mahazo manao, fa ny hafa sakanana. Oviana koa no sakanana ny telethon, haraho maso tsara fotsiny izy ireny dia faizo mafy izay misoloky.

**Bekotromaroholatra Dadarabe :** tsy misy matoky ny BGRNC zany aloha e! Maninona raha ilay volabe 50 000 000 de $ no asaina tsinjarain'ny BGRNC fa iny no efa vonona ao.


**Victor Rabe :** inona no homena ny Bngrc eo?

## USAID Amerikana

# Nanolotra solosaina laptop hanatsarana ny fitantanana sy fitsinjarana ireo vokatra ara-pahasalamana

Nanolotra solosaina laptop miisa 37, mitentina 31.000 dolara amerikana (maherin' ny 114 tapitrisa ariary), ho an'ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka, tamin' ny alàlan'ny tetikasa IMPACT, ny Sampandraharaha Amerikana Misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID). Izany fanampiana izany dia hanampy ny ministera hahatratra ny tanjona, hiantoka ny fahazoan'ny vahoaka malagasy vokatra ara-pahasalamana. Nisy ny lanonana natao tao amin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, izay nanoloran'ny Tale Jeneraly mpisolo toerana ao amin'ny USAID, Mike Stern, izany fanomezana izany ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka Pr. Julio Rakotonirina. Nanamarika izay teo am-pitenenana fa, "ny USAID sy ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia miaraka manatsara ny fahaizamitantana sy ny fahafahamahefa ara-teknika eo amin'ny sehatry ny fanomezana fitsaboana eto Madagasikara." Ireo solosaina laptop ireo dia hanampy ny Ministera hanatsara ny planina, ny fanaraha-maso ary ny vinavina mikasika ny vokatra ara-pahasalamana misy ao amin'ny rafitra famatsiana. Hampiasaina koa izy ireo amin'ny fametrahana système d'information sur la gestion logistique na SIGL. Ity farany ity dia manome fomba haingana sy mora ampiasaina ary manara-penitra hanarahana ny momba ny kojakoja ara-pahasalamana an-jatony : mometampitandremana mialoha raha misy entana lany, ny fitsinjarana indray ny entana raha ilaina izany, ary mampahomby ny rafitra sy mampihena ny fandaniam-poana. Natomboky ny governemanta amerikanina, amin'ny alàlan'ny USAID, ny tetikasa IMPACT tamin'ny taona 2018 hanatsarana hatrany ny fahasalaman'ny vahoaka malagasy amin' ny alàlan'ny fiantohana ny fahazoana vokatra arapahasalamana ilaina ho an'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, ny fandrindram-piterahana, ary ny ady amin'ny tazomoka. Ny IMPACT dia manamafy ny fahafaha-mahefan'ny seha-panjakana hitantana ny famatsiana vokatra ara-pahasalamana.

***Aly***




*Ny lanonana fanolorana fanampiana ny minsiteran'ny fahasalamana, nataon'ny USAID Amerikana.*

## Voina eto amin'ny firenena

# Mitohy ny fahatongavan'ny fanampiana eny amin' ny BNGRC

Manoloana ny voina mitranga eto amin'ny firenena vokatry ny orambe namely faritra maromaro teto amintsika, mitohy amin'izao fotoana ny fahatongavan'ny fanampiana eny amin'ny biraon'ny BNGRC, na ny Birao mitantana ny loza sy ny tandindon-doza, eny Antanimora Antananarivo. Hatramin'ny omaly atoandro, ireto no karazana fanampiana an'ireo trà-boina, voray eny amin'ny BNGRC :

Vary (26,5 t), Friperies (7 balles), Vola (100.000 Ar), lamba firakotra (1.000 pièces), Savony Nosy (100 boîtes), Voamaina (3 t). Ankoatra izaany, faniriana ny rehetra ny tsy tokony hanakanana ny fanampiana na avy amin'iza na avy amin'iza. Miangavy ny BNGRC koa hamoaka ny fanampiana azony isan'andro, fa tsy hiandry ny andro sabotsy, ary ny toerana: Fokontany,… nisitraka izany fanampiana izany araka ny fampanantenany.



*Ny biraon'ny BNGRC eny Antanimora.*

***Stefa***